
# Miomana ho amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany

Rehefa namangy ny Nefita i Jesoa Kristy dia nanasa azy ireo Izy mba hanomana ny sain'izy ireo hihaino sy hahatakatra ny hafany (jereo 3 Nefia 17:3). Alaivo sary an-tsaina hoe mety ho toy ny ahoana ny zavatra hiainanao mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana raha toa ka manao toy izany koa ianao.

1. Study the following resources, looking for ways you can prepare yourself to receive the Lord's messages in general conference. You may want to mark meaningful words and phrases that stand out to you.


   Môzià 2:9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:63

   Nampianatra toy izao ny Filoha Russell M. Nelson:



> Hanohy handre fahamarinana avy eto amin'ity polipitra ity ianareo anio sy rahampitso. Miangavy aho ny mba handraisanareo an-tsoratra ireo eritreritra misarika ny sainareo ary ireo izay tonga ao an-tsainareo sy mijanona ao am-ponareo. Angataho am-bavaka ny Tompo mba hanamafy fa marina izay zavatra norenesinareo. (Russell•M. Nelson, "Inona no marina," Liahôna, nôv. 2022, 30)

   Nampianatra toy izao ny Filoha Henry•B. Eyring ao amin'ny Fiadidiana Voalohany hoe:



> Fantatro ireo mpanompon'ny Tompo izay niteny sy hiteny aminareo nandritra ity fihaonambe ity. Nantsoin'Andriamanitra izy ireny hanome ny hafatra ho an'ny zanany. Niteny tamin'izy ireo ny Tompo hoe: "Izay efa noteneniko Izaho Tompo dia efa noteneniko, ary tsy manalady ny tenako Aho; ary na dia levona aza ny lanitra sy ny tany, ny teniko dia tsy ho levona fa ho tanteraka avokoa, na amin'ny alalan'ny feoko na amin'ny alalan'ny feon'ny mpanompoko, dia iray ihany izany" [Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:38].
>
> Maneho ny fahatokianareo Azy ianareo rehefa mihaino amin'ny finiavana ny hianatra, hibebaka, ary hanatanteraka izay rehetra angatahiny. Raha toa ka ampy ny fahatokianareo hihaino ny hafany amin'ny fivoriana rehetra, amin'ny hira, vavaka mandritra ity fihaonambe ity, dia hahita izany ianareo. Ary raha mandeha sy manatanteraka izay asainy ataonareo ianareo, dia hitombo ny hery entinareo mahatoky Azy ary ho avy ny fotoana izay ho rakotry ny fankasitrahana ianareo amin'ny fahafantarana fa nahatoky anareo koa Izy. (Henry•B. Eyring, "Matokia an'Andriamanitra, ary Mandehana dia Tanteraho," Liahôna, nôv. 2010,•73)

   Nampianatra toy izao ny Filoha Dieter•F. Uchtdorf, izay tao amin'ny Fiadidiana Voalohany tamin'izany:



> Rehefa miomana ho amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana ianao, dia manasa anao aho hisaintsaina ireo fanontaniana anananao izay ilanao valiny. Ohatra, afaka mikatsaka ny fitarihana sy ny torolalana avy amin'ny Tompo ianao mahakasika ny fanamby izay atrehinao.
>
> Ny valin'ireo vavakao manokana sy mazava tsara dia mety ho tonga mivantana avy amin'ny alalan'ny lahateny na andian-teny iray manokana. Amin'ny fotoana hafa ireo valiny dia mety miseho amin'ny alalan'ny teny iray na andian-teny na hira iray izay toa tsy nifandray tamin'ny lohahevi-dehiben'ny lahateny akory. Hanomana ny fomba handraisana ny fanambarana ho an'ny tena manokana ny fo feno fankasitrahana an'ireo fitahian'ny fiainana sy ny faniriana mafy handre sy hanaraka ny teny feno torohevitra. (Dieter•F. Uchtdorf, "General Conference—No Ordinary Blessing," Ensign, sept. 2011,•4)

2. Ny valin'ireo vavakao manokana sy mazava tsara dia mety ho tonga mivantana avy amin'ny alalan'ny lahateny na andian-teny iray manokana. Amin'ny fotoana hafa ireo valiny dia mety miseho amin'ny alalan'ny teny iray na andian-teny na hira iray izay toa tsy nifandray tamin'ny lohahevi-dehiben'ny lahateny akory. Hanomana ny fomba handraisana ny fanambarana ho an'ny tena manokana ny fo feno fankasitrahana an'ireo fitahian'ny fiainana sy ny faniriana mafy handre sy hanaraka ny teny feno torohevitra. (Dieter•F. Uchtdorf, "General Conference—No Ordinary Blessing," Ensign, sept. 2011,•4)

3. Mitanisà fomba hafa ahafahanao miomana hihaino ny feon'ny Tompo mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany.



© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_541-1